


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fanandramana ny Fanekeny

Niaritra ny fandavana antsika i Jesosy mba hahazoantsika ny fankasitrahana azony eo anatrehan’ny Ray.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Derek Prince

Mba handraisanao ny famatsian’Andriamanitra momba ny fandavana, dia tsy maintsy mahazo zava-misy fototra roa ianao. Voalohany, Andriamanitra dia tsy nanao fandaharana maro samihafa ho an’ny tsirairay amin’ireo zavatra samihafa ilain’ny olombelona. Izy kosa dia, nanao fandaharana iray monja, izay mahafeno ny zavatra ilain’ny olona rehetra. Io no mandrakotra ny fepetra rehetra dia ny fahafatesan'i Jesosy sorona teo amin'ny hazo fijaliana.

Faharoa, ny nitranga teo amin’ny hazo fijaliana dia ny fifanakalozana izay efa nomanin’Andriamanitra Tenany mihitsy. Ny voka-dratsy rehetra vokatry ny fahotantsika dia tonga teo amin’i Jesosy, mba ho setrin’izany, ny soa rehetra azo avy amin’ny fankatoavana tsy misy ota nataon’i Jesosy dia ho azo ho antsika. Aminay, tsy nanao na inona na inona mendrika izany izahay, ary tsy manana fahamendrehana na zo hitaky izany. Avy amin'ny fitiavana tsy takatry ny saina an'Andriamanitra ihany no nahatonga izany.

Noho izany, zava-poana ny manatona an'Andriamanitra noho ny fahamendrehana na hatsaran-toetra izay heverintsika fa ananantsika. Tsy misy azo ampitahaina amin’ny fahamendrehan’ny sorona natolotr’i Jesosy ho antsika.

Nitondra ny fandavana antsika teo amin'ny hazo fijaliana i Kristy, mbamin'ny henatra rehetra sy ny famadihana, ny fijaliana ary ny ratram-po rehetra. Raha ny marina, fo torotoro no nahatonga ny Fahafatesany. Ekena isika noho ny Fandavany. Ekena ao amin’ny Malala isika. Fifanakalozana izany. Jesosy dia nitondra ny ratsy mba hahazoantsika ny tsara. Nitondra ny alahelontsika Izy mba hananantsika ny Fifaliany. Misokatra ny lalana ho an’ny olona hanatona an’Andriamanitra tsy misy henatra, tsy misy heloka, tsy misy tahotra. Jesosy dia nitondra ny fandavana antsika mba hiainantsika ny Fanekeny.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa ny fahamarinan’ny takalo nataon’i Jesosy ho ahy: Ekena aho noho ny Fandavany. Mandray ny tsara aho satria Izy no nitondra ny ratsy. Manana ny Fifaliany aho satria Izy no nitondra ny alaheloko.

© 2008 - Dries Du Plessis

Manambara aho fa niaritra ny fandavako i Jesosy mba hananako ny Fanekeny ny Ray, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-144-MLG
Nohavaozina farany: 09 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

